SOAMANANDRARINY 4

# PASITERA MIFANDRAY TENDRO AMIN'NY TAMBAZOTRAN-JIOLAHY MPANGALATRA MÔTÔ


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7646 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 18 aogositra 2023


BAKALOREA 2023 2

# • NITOKONA NY MPITSARA FANA-DINANA TETO ANTANANARIVO !



HIAKATRA FITSARANA ANIO NY RAHARAHA 7

# • MANAO ANTSO AMIN'NY MPITSARA NY MPAMPIANATRA

MARINA IZANY ! 7
MBOLA MITAINTAINA !

Izy no izy 3

POETY REBELY



TIA MANDRAY ANDRAI-KITRA SY MANOLO-KEVITRA

MIDI MADAGASIKARA 2

40 TAONA KATROKA ANIO

LALAON'NY NOSY 2023

NY KIANJA SY ANDRO HILALAOVANA 3

KITRA - AMBOARAN'NY FILOHA

HANAO NY FAMARANANA 3 ANTANANARIVO SY TOAMASINA

ANDRY RAJOELINA TANY VATICAN 7



NAHAZO TSODRANO TAMIN'NY PAPA FRANSOA




Bakalorean' Antananarivo

# Nitokona ireo mpitsara fanadinana, hihemotra ny hivoahan'ny valiny

*"Tsy nisy niditra tao anatin'ny efitrano tokony hanaovana ny deliberation".*

Nitokona ireo mpitsara fanadinana Bakalorea sy ireo tomponandraikitry ny "délibération" teny Ankatso omaly. Hihemotra amin'ny herinandro ambony indray ny hivoahan'ny valim-panadinana raha izao no zavamisy. *"Isan-taona dia amin' ny maraina no fanaovana ny fanapahana ny salanisampahafahana (délibération) fa tamin'ity dia tamin'ny 1 ora antoandro vao natao izany. Ny mahazatra anay ihany koa isan-taona dia efa mipetraka eo ny "bordereau" sy ny "bon de caisse", fa tamin'izao tsy nisy izany. Noho izany samy nanapakevitra ny mpampianatra rehetra fa tsy nisy hiditra tao anatin'ny efitrano tokony hanaovana ny "délibérationé, raha tsy efa vonona ny vola ho raisina. Tamin'ny 2 ora tolakandro latsaka anefa vao tonga ny tompondraikitry ny fandoavambola. Izay vao niditra tao anaty efitrano ny solontenan'ireo Coordo rehetra, raha ny tatitra nolazain'izy ireo dia ny lisitra azo avoaka fa ny vola no tsy vonona. Raha farany haingana dia rahampitso hariva vao ho vonona ny vola, noho izany tsy nanaiky ny mpampianatra fa mbola hivory aloha hanapa-kevitra ny amin'ny tokony hatao"*, hoy ny solontenan'ny mpitsara fanadinana Bakalorea iray taminay.

**Tsy nanomboka**

Raha ny zava-nisy tamin'ny 2 ora sy sasany nahazoanay ny vaovao dia tsy mbola nanomboka mihitsy ny "délibération" satria tsy nanaiky niditra tao anatin'ny efitrano handinihana izany ireo mpampianatra rehetra, raha tsy mivoaka ny zavatra rehetra nahazatra hatramin' izay. *"Raha ny fanao isantaona rehefa mivoaka avy manao deliberation izahay eo amin'ny 11 ora antoandro eo, dia mijery taratasy manamarina ny tambinkaramanay, izay vao maka vola ao amin'ny "agent comptable" izahay. Tsy misy na inona na inona vonona kanefa dia saika halefa fotsiny ny "délibération" dia avy eo tsy misy vola akory ka hihemotra hatrany hoe : afaka herinandro na iray volana na afaka herintaona. Mba hialana amin'ny fandrirarirana toy ny fanao amin'ny sekretera izay herintaona aty aoriana vao haloa ny vola fa aleo homena ny anjara volanay aloha"*, hoy hatrany ity mpampianatra iray nitafa taminay. Hatramin'ny nialanay teny an-toerana dia tsy mbola nisy hevitra tapaka nomen'ireo mpampianatra mpitsara Bakalorea fa ny mety hisy dia hiroso amin'ny "sit-in" izy ireo aloha.

**Heriniaina A.**

Seces sampana Antananarivo

# Tsy handefitra intsony ary hihamafy ny fitakiana anio

Tsy handefitra intsony ireo Seces sampana Antananarivo manomboka anio ary nilaza fa hihamafy ny fitakiana hataon'izy ireo.' *"Nanapaka izahay fa dia hihamafy kokoa ny hetsipitakiana anio zomà raha sanatria ka tsy maheno vokatra azo tsapain-tanana avy amin'ny mpitondra fanjakana ambony, hamahana ny olan'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, ny fampianarana ambaratonga ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ny Seces sampana Antananarivo. Izany rehetra izany dia miankina be dia be amin'ny fahatsiarovan-tsaina sy fandraisana andraikitry ny mpitondra fanjakana ambony. Ao ny fiadidiana ny Repoblika, eo ihany koa ny Governemanata mpanatanteraka. Miandry izahay ary efa nambara fa tsy manaiky amin'ny fanosihosena sy famotehana ary indrindra indrindra ny fanaovana anjorombala ny fampianarana ambaratonga ambony, ny fikarohana ara-tsiansa, ny Seces eto Antananarivo sy ny any amin'ny Faritany"*, hoy ny Dr Ravelonirina Sammy Grégoire, filohan'ny Seces sampana Antananarivo. Efa nilamindamindratsy moa raha ny any Toamasina fa raha ny any amin'ny Oniversiten'i Fianarantsoa dia iny efa nolazaina antsika mpamaky iny ny vaovao fa hampikatso tsikelikely ny tontolon'ny fampianarana rehetra eny Andrainjato ihany koa ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra, rehefa tsy manome valiny mahafapo ny Ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Mampanahy ny mety ho fahavitan'ny fampianarana eny anivon'ny ambaratonga ambony amin' ity taom-pianarana 2022-2023 ity raha tsy manaome vahaolana ny fanjakana sy ny Minisitera mpiahy. Ho hita eo moa anio izay ho tohin'ny hetsiky ny Seces eto Antananarivo eny Ambohitsaina.

**Heriniaina A.**

Sondro-bidim-piainana

# Niakatra 11,3% tao anatin'ny herintaona

Tsy mitsahatra miakatra ny vidin'entana ilaina andavanandro. Araka ny fanadihadiana nataon'ny Banky foiben'i Madagasikara dia nahatratra 11,3 isanjato ny tahan'ny sondro-bidim-piainana teo anelanelan'ny volana jona 2022 sy ny volana jona 2023. Nahitana fiakarana 12, 2 isanjato ny vidim-bary, 14,5 isanjato ny vidin'ny angovo, ary 10,2 isanjato ny vidin'ireo entana hafa. Raha ny voafaritra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolam-panjakana dia notombanana teo amin'ny 8 isanjato tamin'ny ankapobeny ny tahan'ny sondrobidim-piainana tamin'ny taon-dasa. Vinavinaina eo amin'ny 8,6 isanjato kosa io taha io hatramin'ny faran'ity taona ity. Midika izany fa mihena hatrany ny fahefamividin'ny vahoaka malagasy. Tsy mifanaraka amin' ny sondro-bidim-piainana rahateo ny fanondrotana karama, indrindra fa ny any amin'ny sehatra tsy miankina. Eny fa na ireo mpanao asa tena aza mahatsirao ho sahirana amin'ny fiakaran' ny vidin'entana. Iarahamahalala ny fitontongan'ny vola malagasy, izay mampiakatra ny vidin'ireo entana hafarana avy any Ivelany. Ny 80 isanjaton'ny entana ampiasaina eto Madagasikara anefa dia hafarana avokoa noho ny tsy fahampian'ny famokarana ny vokatra ilaina eto amintsika.

**R. Muray**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny tsara ihany no lalao, satria miverina aminao ny tsara rehetra vitanao.
Ny Vetso (03. 08. 15)
("Do good and good will come to you.")

Midi Madagasikara

# 40 TAONA KATROKA ANIO

**18 aogositra 1983 – 18 aogositra 2023.** 40 taona katroka anio ny gazety Midi Madagasikara. Nanomboka tamin'ny laharana voalohany ka hatramin'ny laharana 12 119 izay hivoaka anio, tsy nitsahatra nanome fahafahampo ny mpamaky sy ny mpanao dokambarotra ary izay rehetra niara-niasa taminy ny gazety Midi Madagasikara. Gazety mpiseho isan' andro amin'ny teny frantsay, ahitana pejy amin' ny teny malagasy ihany koa, tao anatin'izay efa-polo taona izay. Mitana ny laharana voalohany eo amin'ny gazety mpiseho isan'andro rahateo i Midi Madagasikara. Anton' izany, noho ny ekipan'ny fanoratana miezaka hatrany ho matihanina eo amin'ny filazana ny vaovao sy ny tranga samihafa teto amin' ny firenena, andaniny, ary ankilany, noho ny fahatokisan'ny mpamaky sy ny mpanao dokambarotra ny gazety Midi Madagasikara. Raha oharina amin'ny taona eo amin'ny olombelona izao izy feno efapolo taona izao, ao anatin'ny fahamatorana tanteraka Midi Madagasikara. Miarahaba ny ekipan'i Midi Madagasikara rehetra amin'izao tsingerin-taona izao ary mirary soa ho ela velona hatrany !

**Ny ekipan'ny Gazetiko**

"60 mn CHRONO"

# Hanomboka amin'ny 26 aogositra ny fifaninanana

Hosantarina eny amin'ny "Havoana land" Imerinkasinina ny fifaninanana "60 mn CHRONO", andiany voalohany, eo amin'ny sokajimpanatanjahantena "Karting". Hotanterahina amin'ny 26 aogositra ho avy izao ny lalao fifanintsanana ary amin'ny 2 septambra kosa ny lalao famaranana. Hifarana amin'ny 23 aogositra ho avy izao ny fisoratana anarana. Afaka mandray anjara avokoa ireo manana salan-taona 15 taona no miakatra, izay tsy maintsy mivondrona anaty ekipa manana mpikambana tsy mihoatra ny enina. Samy hanombola amin'ny 5 ora hariva avokoa ny fifaninana amin'ireo lalao roa ireo, koa ny habetsaky ny fihodinana vita ao anatin'ny adiny iray no hitsarana ireo mpifaninana. Efa misy 12 ireo ekipa nisoratra anarana hatramin'ny omaly. Maimaim-poana ny fidirana mandritra ny lalao fifanintsanana fa nasiana vidimpidirana ny amin'ny lalao famaranana, izay hohafanain' ny tarika Samoëla. Hisy loka tsy ampoizina hatolotra ho an'ny ekipa hibata ny amboara. Tafiditra ao anatin' ny famaranana ny fotoampialantsasatra ny fanatanterahana ity fifaninanana ity.

**R. Muray**

## A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

**Siteny Randrianasoloniaiko**

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

Kitra - Amboaran'ny Filoha

# Antananarivo sy Toamasina no hanao ny famaranana

Antananarivo sy Toamasina no hiatrika ny lalao famaranana ny fiadiana ny amboaran' ny Filoha, eo amin'ny taranja baolina kitra. Taorian'ny fandresena azon'izy ireto nandritra ny lalao manasa-dalana omaly tetsy amin'ny kianjan'ny Elgeco plus by pass no nahazoany ny tapakila. Teo amin'ny lalao voalohany, resin'i Toamasina tamin'ny isa 1 no ho 0 ry zareo Fianarantsoa. Niady ny lalao saingy nahay nitazona ny tombon'isa efa azony, tamin'ny alalan'ny baolina tafiditra tany amin' ny fiafaram-potoana voalohany ry Besna sy Bance, ka dia izy ireo no nivoaka mpandresy na dia nanana herijika hanasalana ny isa aza ry Joma. Teo amin'ny manasa-dalana ilany, mbola tamin'io isa 1 no ho 0 io koa no nivoahan'ny ekipa voafantin'Antananarivo nanoloana an'Antsiranana. Niady ny lalao ary tena nivoaka sempotra mihitsy ny ekipan'i Titi Rasoanaivo vao tafavoaka mpandresy. Teo amin'ny fiafaram-potoana voalohany, nifandanja ny roa tonta ka nisaraka tamin'ny ady sahala samy tsy nisy nitoko. Nanova tetikady ny mpanzatra an' Antananarivo teo amin'ny fiafaram-potoana faharoa, nanala an'i Ndimby ka nampiditra an-dry Naval. Efa taty amin'ny fiafaran'ny fihaonana (90mn+1) vao nody ventiny ny rano nantsakaina, rehefa nahatafiditra baolina i Gré, rehefa nahazo tolotra avy amin'i Naval. Somary nafana ny fifandonana taorian'io saingy voafehin'ny mpitsara izany ka io isa 1 no ho 0 io no nivoahan'ny ekipa voafantin'Antananarivo ho mpandresy. Tapitra teo kosa ny nofinofy ho an-dry Landry sy Elisco handeha any amin'ny famaranana, izay tsorina fa tsy nitsanga-menatra ary afaka nifampitana tanteraka tamin'ny ekipan'Antananarivo.

**Rabenaivo**

Lalaon'ny Nosy 2023

# Tsara ho fantatra momba ny kianja sy ny andro ilalaovana

Mahatratra 20 ny isan'ny taranja hifaninanana amin' ity andiany faha-11 raisin'i Madagasikara ity, izay fanintelony amin'izao no hampiantranoantsika azy (1990 - 2007). Ny taranja baolina kitra avy hatrany no hisantatra ny fifaninanana amin' ny alakamisy 24 aogositra 2023, eny amin'ny kianja Mitafon'i Elgeco Plus By Pass, ka hifandona amin' izany ny ekipam-pirenen'i Comores sy Mayotte (4ora). Aorian'izany dia hotohizana avy hatrany eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina ny lalao fifanintsanana, izay hifanaovan'ny Barea de Madagascar sy Seychelles. Ny androtry ny zoma 25 aogositra 2023 kosa no hanaovana ny lanonampanokafana. Mba hahazoana manaraka tsara ny fizotran' ny fandaharan-dalao dia tsara hofantarina ny kianja sy ny taranja hifaninanana ao anatiny :

1/Atletisma - Handisport : 29/08 - 02 /09/2023 (Kianja Alarobia - Kianja Mahamasina) ; 2/Basketball 5x5 : 26/08 - 02/09/2023 - Basketball 3x3 : 26/08 - 02/09/ 2023 (Lapan'ny Fanantanjahantena - Parking Mahamasina) ; 3/ Boxe : 26 - 29/08/2023 (Amphithéâtre CCI Ivato) ; 4/Kickboxing : 30/08. - 02/09/2023 (Amphithéâtre CCI Ivato) ; 5/Badminton : 26/08 - 01/09/2023 (Zone Forello Tanjombato) ; 6/Tennis de Table : 26/08 - 01/09/2023 (Zone Forello Tanjombato) ; 7/Football : 24/08 - 02/09/2023 (Kianja Mahamasina - Elgeco Plus By Pass) ; 8/Cyclisme : 28/08 - 01/09/2023 (Rocade d'Iarivo) ;. 9/Haltérophilie : 26 - 29/08/2023 (Lapa fanantanjahantena Kely) ; 10/ Judo : 30/08 - 02/09/ 2023 (Gymnnase Annkorondrano) 11/Lutte : 26 - 29/08/ 2023 (Gymnase Annkorondrano) ; 12/ Natation - Handisport : 26 - 30/08/2023 (Piscine ANS Ampefiloha) ; 13/Rugby à 7 : 01 - 02/09/ 2023 (Kianja Makis - Mahamasina/ Famaranana) ; 14/Taekwondo : 26 - 29/08/ 2023 (Gymnase Mahamasina) ; 15/Karaté : 30/08 - 02/09/2023 (Gymnase Mahamasina) ; 16/ Handball : 26/08 - 02/09/2023 (Gymnase Vontovorona - Lapan' ny Fanantanjahantena/ Famaranana) ; 17/Pétanque : 26/08 - 01/09/2023 (Boulodrome Ivato) ; 18/Tennis : 26 - 31/08/2023 (Terrain Acsa Ambohidahy) ; 19/Volleyball : 26/08 - 02/09/2023 (Gymnase Ankatso - Lapan'ny Fanantanjahantena/ Famaranana) ; 20/Jeunesse : 26/08 -- 02/09/2023 (Arena Ivandry).

**aris rafaly**

## Zoma manifika

**Erick Manana sy Dama**

### Feo roa sy gitara roa etsy amin'ny Esca

*"Dama sy Erick Manana ranofotsiny".* Izay no fanamby apetraky ny mpikarakara mikasika ny fampisehoana goavana iarahan'izy mirahalahy ireto indray ao amin'ny efitrano malalaky ny CC Esca Antanimena, anio hariva. "Feo roa sy gitara roa" no hampihanoka ireo mpankafy azy ireto, ao anatin'izany fiakarana an-tsehatra anisan'ny goavana eto an-drenivohitra amin'izao "zoma manifika" izao. Hanomboka amin'ny 7 ora sy sasany hariva ny fotoana, ary haharitra adiny 3 any ho any ny fiarahana. Tsy vao sambany izy roa lahy ireto no niray sehatra toy izao, fa efa mahazatra azy ireo tao anatin'ny taona vitsivitsy ny mampitovy tadin-gitara. Ho an'ireo izay tsy afaka hianoka izany anio hariva, mbola hisy fotoana amin'ny alahady amin'ny 3 ora tolakandro.

**Nanie, Lalie, Luk, Mahery**

### Cabaret Tamberina eny amin'ny Espace Dera

"Tamberina". Izay no lohatenin'ny fampiaraham-peon' i Nanie, Lalie, Luk ary Mahery, anio alina eny amin'ny toeram-pilanonana etsy amin'ny Espace Dera Tsiadan. Hanomboka amin' ny 8 ora alina ny fiarahana amin'izany, ary tsy voafetra fa miankina amin'ny ambiansy ao an-toerana. Amin' ny maha tamberina azy, dia hitondra ny mpialavoly any amin'ny 20 taona lasa, tao anatin'ny hery sy tanjaka ary lazan'izy ireo izy efatra mianadahy. Mbola tsy lefy ao am-pon'ny mpankafy izany, saingy ny tamberina anio no hampahatsiahy ny fiarahana tamin'izany fotoana mamy izany. Koa ho an'ireo tanora niaina izany vanim-potoana izany, sy ireo tanora ankehitriny novolavolain'ny kanton'izy ireo. Fotoana miavaka ho azy ireo ny fiarahana amin' izy 4 mianadahy anio alina.

**Solo Mianadahy**

### Hanamarika ny 35 taona ao amin'ny Le Glacier

Raha vao miresaka hoe tarika Solo Mianadahy. Ny mponin'Alaotra, indrindra fa ireo avy any Ambato, no mby ao an-tsaina avy hatrany. "Zanaka mpiôsika", "Manimanina ny any Alaotra"; "Za tsy hiala" no sombiny amin'ireo hira tsy afaka ambavan'ny maro ary mampitsangana avy hatrany ireo gaona manatrika fety.

**Nangonin'i Fy**

## Izy no izy

Poety Rebely

# Tia mandray andraikitra sy manolo-kevitra




**Miantso ny rehetra ho tonga eny amin'ny coliseum ny tomponadraikitra.**

Mafana fo amin'ny fampiroboroboana ny asa soratra malagasy i Olsenie Rasoanivo, na Poety Rebely, amin'ny maha mpanakanto azy ary miezaka ny manara-maso ny lalan-kantony amin'ny fampiasana ny fiteny sy ny kolontsain'ny fireneny. Amin'ny fiseharana ataony dia asongadiny manokana ny hakanton'ny fitenim-paritra tatsimo. Ny rakipeony voalohany mitondra ny lohateny hoe "Anindaotse » dia nivoaka tamin'ny fomba ôfisialy tao amin'ny lapan'ny tanan'Antananarivo ny 20 aprily lasa teo, izay natrehin'ny delegasionan'ny Ministeran'ny Serasera sy Kolontsaina notarihin'ny Ministra Lalatiana Rakotondrazafy. Manohina ny mpihaino maro ny zavakanto atolony feno fitakiana ary heverina ho olona mitondra fahasahiana sy faharisihana ho an'ireo tanora poeta sy mpanao slam-poezia eto Madagasikara izy. Poety Rebely no filoham-boninahitry ny fikambanana mampiray ny mpanao slam-poezia malagasy ary13 taona niseharana.Mpanao slam-poezia manan-talenta ary nahazo loka maro tamin'ny zavakanto izy, ka singanina amin'izany ny nahazoany voalohany tamin'ny fifaninana Slam Poezy nokarakarain'ny « Coronation Celebration for His Majesty King Charles III », Nahazo voalohany tamin'ny fifaninana teo amin'ny sekoly mikasika ny hoe "Les couleurs de la femme", (Printemps des poètes 2010), laharana voalohany tamin'ny fifaninana mikasika ny fitovian-jon'ny lahy sy vavy ny taona 2017. Marihina fa izy no mpanao slam-poezia vehivavy voalohany nahazo ny mariboninahitra « Chevalier de l'Odre, des Arts, des Lettres et de la Culture » eto Madagasikara.

Ankoatra ny asa ara-javakanto ataony, dia mpiaramanorina masoivohom-barotra sy serasera nomerika ihany koa izy nanomboka tamin'ny taona 2021. Amin'ny maha tonian-dahatsoratra azy eo anivon'ny OC Agency, dia manara-maso sy miantoka ny kalitaon'ny lahatsoratra vokarin'ny ekipany izy, hanatanterahana izay takian'ny mpanjifa. Izany andraikitra izany dia manome fahafahana azy hivelatra hatrany eo amin'ny lafiny fanoratana ary hampiroborobo ny fahaizany manoratra sy mifandray amin'ny alalan'ny serivisy atolotra ho an'ny orinasa sy fikambanana. Mahafinaritra azy ny fananan'ny mpiaramiasa sy ny namana ary havana fizakan-tena. Tiany ny olona manodidina azy sy izay mifanerasera aminy raha mahalala ny tokony hatao amin'ny fiainana sy mandray andraikitra avy hatrany fa tsy miandry baiko na miankindoha amin'ny hafa, indrindra ny vehivavy. Manaikitra ny fony ny maheno vehivavy manankina ny fiainany rehetra amin'ny lehilahy, miandrandra fahasambarana sy fiadanana avy amin'ny herim-pon'ny hafa, ka mazána diso fanantenana.

Fa ankoatra izay dia tia manao asa soa amin'izay fahafahany i Poety Rebely. Tsy mahoraka ary tsy ankalazaina. *« Isaky ny faran'ny taona, ohatra, dia misafidy fikambanana iray mpanao asa soa aho omeko akanjo sy izay voatsirambin'ny tanana ».*

**Nangonin'i Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakojan-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-12)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-12)

* Kilalao, lakozia, debara, fanaka, lamba, kiraro, poketra . Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-12)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-13)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 621/5-5)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 623/4-3)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-8)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 622/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 622/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 622/6-5)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 032.68.326.29. (G-BA 624/15-2)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhab. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-1)

Soamanandrariny

# Pasitera mifandray tendro amin'ny tambajotran-jiolahy mpangalatra môtô

Hatramin'ny pasitera avy amin'izao fotoana izao mifandray tendro amin'ny tambajotran-jiolahy mpangalatra môtô, izay efa mampikaikaika ny maro tokoa. Pasitera amin'ny fiangonana zandriny amin'ny faritr' Itasy iny no voasambotry ny zandary avy eny Soamanandrariny ny 03 aogositra lasa teo, niaraka tamin'ny namany roa lahy. Araka ny fanazavana azo dia misera môtô any anaty tambajotran-tserasera "facebook" ilay pasitera, ary nisandoka ho polisy miasa any Arivonimamo. Lehilahy iray no nanakalo môtô taminy. Tsikaritr'ilay lehilahy anefa fa efa novaina ny nomeraon' ilay môtô. Rehefa nantsoina ilay pasitera dia tsy tratra antso mihitsy ary tsy nandeha intsony ihany koa ilay kaonty "facebook" nanaovana ilay sera. Mailo avy hatrany ilay lehilahy ka nampandre ny mpitandro filaminana.

**Vela-pandrika**

Rehefa natao ny vela-pandrika dia tratra ilay pasitera ary nanondro ny namany izy tamin'ny famotorana nataon'ny zandary azy. Tratra tao aminy ilay môtô natakalo rehefa natao ny fisavana, izay efa nahavitany lazam-bidy hafa. Voasambotra teny Anosizato atsinanana ihany koa ireo roa lahy namany. Fantatra fa efa voasambotry ny zandary tany Behenjy ny iray tamin'ireo taloha saingy efa nanova anarana. Nahitana lazam-bidy efa misy fitomboka sy sonia miandry hofenoina fotsiny tany amin'ireto jiolahy ireto. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao hatrany fa môtô very teny Ampanotokana, Antananarivo Renivohitra, ny alin'ny zoma 07 jona 2023, io môtô noserain-dry zareo io ka efa naverina amin'ny tompony.

**R.C**

Maevatanana

# Jiolahy maty voatifitra, efa intelo nigadra

Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireto andian-jiolahy sy ny mpitandro filaminana. Maty voatifitra nandritra izany ny iray tamin'ireo jiolahy, izay fantatra amin'ny anarana hoe "pasitera". Tafatsoaka kosa ireo namany. Araka ny fanazavana azo dia voarohirohy tamin'ny fanafihana tokantrano iray tao Andranonevava, kaominina Antanimbary, distrikan'i Maevatanana ity jiolahy ity sy ireo namany ny alin'ny 15 aogositra lasa teo. Lelavola enina hetsy Ariary sy vovobolamena 8 grama ary entana lafo vidy maro no very tamin'izany. Nanao ny fikarohana avy hatrany ny zandary ka izao nifandona tamin'ireto jiolahy ireto izao. Fantatra fa efa intelo nigadra ity jiolahy maty ity ary vao avy nivoaka ny fonja izy izao nanohy ny asa ratsiny izao. Voalaza fa tadidin'ireo niharam-boina tsara ny endriny. Izy ihany koa no atidoha nikotrika ilay fanafihana mpandraharaha tao Mahazoma ny taona 2020.

**R.C**

Ambatofinandrahana

# Zandary iray voatifitra, omby 161 nangalarin'ny dahalo 60 lahy

Nafana ny fifandonana teo amin'ny dahalo sy ny zandary, tao amin'ny toerana atao hoe Aborakala, distrikan'Ambatofinandrahana, omaly tokony ho tamin'ny 7 ora maraina. Raha ny fantatra dia zandary iray no naratra voatifitra. Lasan'ireo dahalo ireo ny omby miisa 161. Andian-dahalo 60 eo ho eo no nanao fanakanana ireo zandary nanatitra omby avy any Mandronarivo ho any Ambositra. Omby miisa 161 no nokasaina an' ireo ho any Ambositra. Nosakanan'ireo dahalo mirongo fitaovam-piadiana mahery vaika, toy ny kalachnikov sy MAS 36, ireo mpitandro filaminana. Tao anatin'izany no nisy fifandonana tao amin'ny tanànan'Aborakala, distrikan'Ambatofinandraha na. Nandritra io fifampitifirana io no voan'ny bala ny zandary kilasy faharoa Rahajandrainy Jeannot Clément. Araka ny angom-baovao dia naratra ny tanany havia sy teo ambon'ny sofiny havanana.

**Fanarahan-dia**

Mbola mitohy ny fanarahandia ary nahitam-bokany, satria omby 20 mahery no tafaverina taorian'ny fifandonana tamin'ireo dahalo ireo hatrany. Ny omby anjatony ambiny kosa mbola lasan'ireo dahalo ireo. Efa nalefa mandray fitsaboana any amin'ny hopitaly ihany koa ilay zandary « G2C » Rahajandrainy Jeannot ary tsy misy atahorana ny ainy. Azo an-tanana ihany koa ny basy teny aminy. Marihina fa efa any an-toerana avokoa ireo mpitandro ny filaminana manao ny fanarahan-dia. Miara-miasa ny zandary sy ny tafika miaraka amin'ny fokonolona.

**Ariel D.**

Toamasina

# Lehilahy tratra teo am-pangalarana entan'ny mpandeha taksibrosy

Lehilahy iray 18 taona no tratra ambodiomby teo am-pangalarana entan'olona mpandeha taksiborosy afakomaly tokony ho tamin'ny 1 ora tolakandro, tao amin'ny toby fiantsonan'ny taksiborosy any Ambolomadinika Toamasina. Teo am-pangalarana sakaosin'olona mihitsy izy no nisy nahita ka nohorakorahin'ny olona. Tsy afa-nitsoaka intsony araka izany izy ka noraisim-potsiny teo. Nisy avy hatrany ireo tonga dia nampandre ny polisy, ka rehefa naheno izany ireto farany dia nidina teny an-toerana nisambotra an-dralehilahy. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy notanana sy natao famotorana. Araka ny fanazavana dia olona handeha hamonjy fahoriana ity saika lasibatry ny asa ratsy ity. Mitohy ny famotorana eo anivon'ny mpitandro filaminana alohan'ny ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fampanoavana.

**T.H**

Talatamaty

# Jiolahy roa nitsoaka tamin'ny môtô maty voatifitry ny zandary

Roa lahy voalaza fa jiolahy mpanao fanafihana mitam-piadiana no maty voatifitry ny zandary ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany, teny amin'ny toerana antsoina hoe Bemoka, fokontany Ambohinambo Talatamaty. Nandritra ny fisafoana nataon'ireo mpitandro filaminana tamin'io fotoana io no nahatsikaritra efa-dahy nanao taingin-droa tamin'ny môtô roa izy ireo, ka ny iray môtô jog pro miloko mainty/gris ary ny môtô iray hafa kosa kymco racing miloko mainty. Hita fa mampiahiahy izy efa-dahy ireo ary raha vao nahita ireo zandary mpanao fisafoana dia nirifatra nandositra. Rehefa nenjehin'ireo zandary izy ireo dia nitifitra avy hatrany. Voatery namaly izany ireo mpitandro filaminana ka nisy ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta, ary dia niantefan'ny bala vokatr'izany ireo roa lahy nitondra ilay môtô jog pro, ary nitarika tamin'ny fahafatesan'izy ireo avy hatrany izany.

*Hita fa mampiahiahy izy efa-dahy ireo ary raha vao nahita ireo zandary mpanao fisafoana dia nirifatra nandositra.*

**Efa nokarohina**

Tafaporitsaka kosa ireo roa lahy tamin'ilay môtô iray hafa. Tsy nisy naninona teo amin'ireo zandary. Nojeren'ireto farany avy hatrany ny zavatra tany amin'ireo maty ka nahitana basy vita gasy, sy bala telo, ka ny iray amin'ireo no efa nipoaka. Ankoatra izay, nisy karapanondro iray koa hita teo, sy sakaosy tsy nisy na inona na inona tao anatiny. Araka ny fanampim-panazavana hatrany, jiolahy efa nokarohina efa ela ireo maty ireo ary efa namoahan'ny fitsarana taratasy fikarohana mikasika ny fanafihana mitam-piadiana fiara 4x4 iray teny Andranotapahina ny 4 jona lasa teo. Heverina ho ry zalahy ireto ihany koa no nanafika ny "cash point" niseho teny Bel'air Talatamaty ny 23 jona lasa teo. Efa naterina teny amin'ny tranom-paty ny razana miandry ny hakan'ny fianakaviany azy.

**T.H**

Antanimbary

# Pasitera no voatafika, dahalo iray maty voatifitra

Nitrangan'ny fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny kaominina Antanimbary, distrikan'i Maevatanana, ny alin'ny talata teo. Ny loharanom-baovao voaray no nahalalana fa pasitera no voatafika. Tao amin'ny tokantranony tao amin'ny fokontany Andranobevava no niharan'ny fanafihan-dahalo am-polony. Mpandraharaha sady mpandanja volamena ity olon'ny fiangonana ity ka io no nahasarika ny jiolahy hanafika azy. Nanao ny fanenjehana moa ny mpitandro ny filaminana ka iray tamin'ireo dahalo mpanao fanafihana no maty voatifitra. Mbola mitohy ihany koa ny fikarohana ireo namany. Tsiahivina fa nirongo fiadiana ireo olon-dratsy ireo, izay niditra an-keriny tao amin'ilay tokantrano. Voaroba tamin'izany ny vola 4 000 000 ariary, miaraka amin'ny vovo-bolamena eo amin'ny 8 grama eo ho eo, miampy finday « Android » sy taratasy mikasika moto ary fitafiana isan-karazany tao amin'ilay tokantrano. Tsy nisy nanohitra ny fianakaviana tompon'ny trano fa nitazampotsiny ny fananan'izy ireo voaroba. Rehefa nandositra ireo jiolahy dia nanao tifitra fampitahorana, mba tsy hahafahan'ny manodidina manakana. Tsy nisy kosa ny aina nafoy na ny olona naratra nandritra ilay fanafihana mitam-piadiana.

**Ariel D.**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Ny ota**




## Hatsikana an-tsary

**Marary**




## Masoandro Miposaka

**II Pet 3 : 17-18**

17 Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan'ny fahadisoan'ny ratsy fanahy ianareo ka ho lavo hiala amin'izay iorenanareo; 18 fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Anamamy no niraisana, ka beroberoka no nisarahana.**

Des herbes potagères (douces) unissaient, et des laiterons ont séparé.

*Se dit des amitiés qui ont commencé agréablement et fini par des querelles amères.*

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3026**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 7 | | | 6 | | | | |
| | 3 | | | | | 9 | | |
| | | | 8 | | | | 2 | 6 |
| 1 | 2 | | | 8 | | | | 5 |
| | 8 | | | | 5 | 3 | | |
| 7 | | | | | | | | |
| | | | 5 | 2 | | | | |
| | | | 4 | | | | 7 | 9 |
| 6 | 9 | | | | | | | |

Valin'ny laharana **3025**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 8 | 7 | 5 | 6 | 9 | 1 | 4 | 2 |
| 1 | 9 | 4 | 2 | 8 | 3 | 7 | 6 | 5 |
| 5 | 6 | 2 | 4 | 7 | 1 | 9 | 3 | 8 |
| 7 | 4 | 3 | 6 | 9 | 5 | 2 | 8 | 1 |
| 8 | 5 | 6 | 3 | 1 | 2 | 4 | 7 | 9 |
| 2 | 1 | 9 | 7 | 4 | 8 | 6 | 5 | 3 |
| 6 | 2 | 8 | 9 | 5 | 7 | 3 | 1 | 4 |
| 4 | 3 | 5 | 1 | 2 | 6 | 8 | 9 | 7 |
| 9 | 7 | 1 | 8 | 3 | 4 | 5 | 2 | 6 |

Andry Rajoelina tany Vatican

# Nahazo tsodrano tamin'ny Papa Fransoa

*Nanamarika io fotoana io ny vavaka sy tsodrano nataon'i Papa ho an' ny Filoha Andry Rajoelina manokana sy ny fianakaviany ary ny vahoaka Malagasy manontolo.*

Tontosa omaly ny fitsidihana nataon'ny Filoha Andry Rajoelina tany Vatican. Fitsidihana manokana izy io ka miaraka taminy tamin' izany ny vadiny sy ireo zanany telo, ary ny minisitry ny Raharaham-bahiny Rtoa Yvette Sylla. Omaly maraina taminy 10 ora no noraisin'ny Papa Ray masina tao amin'ny birao fiasany ao amin'ny Fiketrahana Masina ny Filoha. Nanamarika io fotoana io ny vavaka sy tsodrano nataon'i Papa ho an' ny Filoha Andry Rajoelina manokana sy ny fianakaviany ary ny vahoaka Malagasy manontolo. Anisan'ny nanaitra ny Filoha Rajoelina nandritra izany ny fisian'ilay "maquette de bateau en miniature" izay fanomezana nomeny ny Papa nandritra ny fivahinianany teto Madagasikara taminy 2019. Nambaran'ny Papa nandritra izany fa safidiny manokana ny nametraka ao amin'ny birao fiasany io "maquette de bateaux" io, ka isaky ny mijery anio izy, dia mahatsiaro manokana sy mivavaka ho an'i Madagasikara. Rehefa avy nihaona moa ny roa tonta, dia nanao ny vavaka « Ave Maria » niaraka tamin'ny Filoha sy ny fianakaviany. Teo anoloan'ny sarin'ny Masina marina izay fanomezana natolotry ny fivondronam-ben'ny Eveka Malagasy ho an'i Papa no nanaovana izany.



Nanaitra ny Filoha Rajoelina ny nahita ireo fanomezana natolony ny ho an'ny Papa izay ao Vatican.

**Fiaraha-miasa**

Taorian'io, noraisin'i Mgr Miraslow Wachowski, izay Sekretera lefitra miadidy ny fifandrasaina amin'ny samy fanjakana ao Vatican ny Filoha. Resaka diplômasia ranoray sy fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy ny Fanjakan'i Vatican no nifantohan'ny dinika teto. Vinavinaina araka izany ny hisian' ny fifanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta ato ho ato. Maro ireo lohahevitra voaresaka nandritra ny fihaonana ka anisan' izany ny fiantraikan'ny ady any Iokraina sy ireo krizy aty Afrika. Omaly hariva, dia nanatrika ny lamesa natao tao amin'ny Basilique Saint-pierre ny Filoha sy ny fianakaviany nitondra am-bavaka sy nangata-pitahiana ho an'i Madagasikara sy ny vahoaka malagasy.

JUDD

## Marina izany !

### Mbola mitaintaina !

**Mpianatra amin'ny kilasy famaranana, amin'ny faritany 3 (Fianarantsoa, Antsiranana, Mahajanga) aloha hatreto no fantatra fa efa milamin-tsaina, noho izy ireo efa mahalala ny valin'ny fanadinana bakalôrea, notanterahina tamin'ity taom-pianaraa ity. Mbola mitaintaina kosa ny mpanala bakalôrea amin'ny faritany 3 hafa (Antananarivo, Toliara, Toamasina). Mikasika ny eto an-drenivohitra manokana dia raikitra ny sakoroka teny Ankatso, omaly rehefa tsy nanaiky nandray anjara tamin'ny fanapahana ny salanisam-pahafahana (délibération) ny mpitsara fanadinana, noho ny tambinkaraman'izy ireo mbola tsy vonona. Ny fanirian'ny mpampianatra nitsara ny fanadinana mantsy dia horaisin'izy ireo alohan'ny hanatanterahana ny asa ny tombontsoa. Maro amin'izy ireo rahateo no efa tsy matoky intsony ny fanatanterahana ny asa mialoha. Antony, tsy vitsy no diso fanantenana noho ny vola saran'ny asa vita tsy voaloa, raha tsy hampahatsiahy ny an'ireo mpandraharaha mikasika ny fanamboaran-dalana izay tsy mitsahatra ny manao ny fitakiana, saingy mbola tsy mahazo valiny mahafa-po aloha hatreto. Toy izany koa ireo mpandraharaha mpamatsy fitaovana samihafa ny minisitera sy ny sampandraharaha hafa miankina amin'ny fanjakana izay tsy voaloa ara-potoana ny volany na miala maina mihitsy. Fa raha iverenana ny zava-nisy teny Ankatso, omaly dia voalaza fa amin'ny talata fara-fahalohany vao hanomboka ny « délibération » ny mpitsara, izay mbola nametraka fepetra ny fahazoany ny tambinkaramany aloha. Ny dikany, tsy ho vitan'ny fifampiraharahana toy ny mateti-pitranga intsony izany ny asa hotanterahina amin'ity indray mitoraka ity fa omena aloha ny drala !**

Voahangy Rakotozafy

Hiakatra fitsarana anio ny raharaha

# Miantso ny mpitsara, hiasa anatin'ny fanajana ny feon'ny fieritreretany ny mpampianatra

Anio no hiakatra fitsarana ilay raharaha mahakasika ny fivoahan'ny laza adina bakalôrea 2023 talohan'ny fotoana. Tsiahivina fa 14 mianadahy izy ireo no nampidirina am-ponja vonjimaika, tamin'ny fiandohan'ny volana aogositra lasa teo, ary ny 2 kosa nomena fahafahana vonjimaika. Manoloana izany, raha tsiahivina dia naneho ny alahelony ireo mpampianatra nihiboka nandritra ny andro maro nandrafitra ny laza adina bakalôrea ary nilaza fa tsy azo eritreretina ho tany amin'ny fihibohana no nivoahan'ny laza adina talohan'ny fotoana. Antony, hentitra ny fisavan'ny zandary azy ireo, teny amin'ny "Villa Soafaniry Ambohibao ary tsy afaka nitondra ankoatra ny fitafiana sy ny kojakoja ilaina izy ireo. Notsiahivin'ireo mpampianatra nahiboka fa nosavain'ny zandary ny entan'izy ireo, ny 28 jolay, fotoana nialana tamin' ny toerana nihibohana ary nanaovana fitanana antsoratra fa tsy misy ambara (rien à signaler). Taorian'ny fihibohana, araka ny fanazavana nomen'ny mpampianatra ihany, dia ny "concepteurs" indray no nandrafitra ny laza adina. Ary rehefa voarakitra antsoratra ny laza adina ary anjaran'ny ao amin'ny "informatique" no mampiditra azy ao anaty solosaina.

**Efa tambajotra matanjaka !**

Aorian'izay no tanterahina ny « tirage » izay voalaza fa avoaka isaky ny taranja, vao miroso amin'ny fampidirana ny laza adina ao anaty valopy. Aorian'izay ny fizarana isaky ny faritany ny laza adina izay atao ao anaty valopy misy "tampon" miisa 4 ka ny 2 amin'ny faritra ambony fikatonany ary ny 2 ambany izay vao asiana "scotch" manindry ny "cachet" rehetra sy amin'ny sisin'ny valopy azo sokafana. Aorian'izay, voalaza fa mandalo fanaraha-maso indroa miantoana ny valopy. Ary rehefa tonga eo amin' ny dingan'ny fanaovana "paquetage" dia ny olon'ny minisiteran'ny fampianarana ambony no nanohy ny asa, mandra-pahatongan'ny laza adina any amin'ireo mandray an-tanana izany, isaky ny faritany. Manoloana ny fitsarana hotanterahina anio dia manao antsoavo amin' ny mpitsara ireo mpampianatra ireo mba hitsara ny raharaha, araka ny feon' ny fieritreretany. Mandeha mantsy ny feo fa efa tambajotra matanjaka ny mpamoaka laza adina isaky ny fanadinana bakalôrea, saingy hatreto aloha tsy misy nantsoin'ny fitsarana izy ireo na nahazo fiantsoana fa vavolombelona.

*Mifamahofaho ny resaka mikasika ny tompon' antoka tamin'ny fivoahan'ny laza adina bakalôrea mialoha. Mampiaka-peo ny namany fa tsy ireo notazonina am-ponja no meloka.*

V.R.

Fitsirihana lisi-pifidianana

# Manohitra ny tsy fanarahan-dàlàna ataon'ny CENI ny antoko maro

Mampiaka-peo manoloana ny voalazan'izy ireo fa tsy fanarahan-dàlàna ataon'ny CENI momba ny fahafahamitsirika ny lisi-pifidianana ireo antoko politika maromaro. Araka ny fanambarana nataon'ny antoko MTS,HVM,Tsara Tahafina, FTT ary MMM omaly dia manohitra ny fahafahana mitsirika ny lisi-pifidianana izy ireo. Ny filohan'ny CENI moa efa nilaza fa azo atao tsara ny mijery ity lisi-pifidianana ity ao anatin'ny tranonkalan'izy ireo. Hita ao, araka izany, ihany koa ny resaka « cartographie électorale ». Nisy moa ny fanoloran'ireo manampahaizana manokana avy teo an-toerana ny valin'ny fitsirihana nataon'izy ireo momba ny lisi-pifidianana nasiam-panavaozana omaly. Nambaran'ny tompondraikitra nanao izany fa azo ampiasaina amin'ny fifidianana ity lisitra ity raha arahina tsara ireo fepetra 40 napetrak'izy ireo tokony hanatsarana izany. Nanamafy ireto farany fa tsy mitombina ny filazana fa misy fokontany 6000 vaovao noforonina hiatrehana ity fifidianana filoham-pirenena ity. Mikasika ny tetibola kosa dia nanambara ny filohan'ny CENI fa tsy misy ahiana ny mikasika izany.

JUDD

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 236 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Mofo paoma sy mananasy

**Zavatra ilaina :** kobam-bary, lafarina, atody, leviora, siramamy, leviora simika, ronono, paoma, mananasy.

**Fikarakarana azy :** Afangaro anaty lovia jobo ny lafarina sy ny kobam-bary ary ny siramamy sy leviora. Lavahana boribory eo afovoany dia alefa ny atody iray sy ronono kely mahamando azy. Ampiana ronono tsikelikely sady afangaro mandra-pahazo paty malefaka sady tsy mandranoka be. Avela hilona ora roa eo ho eo. Tetehina madinika ny paoma sy ny mananasy. Hafanaina ny menaka ka rehefa mafana tsara dia alefa tsikelikely ao anaty paty ny paoma sy ny mananasy dia endasina. Aroso mafana.
Mazotoa homana !

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
SPONSOR
OFFICIEL
11E
JIOI
JEUX DES ÎLES
DE L'OCÉAN INDIEN
MADAGASCAR 2023
#IsikaIray
GCL 591/4-2